# 365Tantara

68.Ho anao koa, Izy dia afaka ary tia hiresaka aminao



# 68. Ho anao koa, Izy dia afaka ary tia hiresaka aminao

Taona vitsivitsy izay, nandritra ny konferansa nataony tao Nantes, I Richard Wurmbrand,pasitera romana izay nigadra tao an-tranomaizin!ny kaomonista, nandritra ny 14 taona nohon'ny finoany Nitantara ity zavatra niseho ity, teo amin'ny fiainana relijiozy tao Rosia faritra iray taloha, tao URSS Indray hariva, nidina tao amin'ny tanànakely iray ny mpitandro ny filaminana toerana nihonenan'ny kristianina sy nivavahany.



Aorian'ny fisavana ny trano rehetra nataon'ireo mpitandro ny filaminana, dia nasavovony teo amin'ny kianjà avokoa ireo Baiboly rehetra hitany, dia nodorany



Nahery ny rivotra, nampiredaka ny lela afo ary nampiparitaka ny lavenona. Anaty toerana maizimaizina, somary alavi-davitra, nisy lehilahy iray nanatrika ny zava-niseho Tsy mbola nànana na nahita Baiboly mihitsy izy, anefa kosa nitady an' Andriamanitra.



Nahita tapaka taratasy may izy, nandalo teo anoloana ny masony, ary nianjera teo amin'ny tongony. nihondrika izy, nitsimpona azy ary,teo amin'ny hazavana avy amin'ny vain'afo no nahafahany namaky ireo teny sisa tavela tsy tratran'ny afo: « Toy izao ny teny n'i Jehovah nambarany an'i Jeremia… » Niteny irery ny lehilahy:

« tsy fantatro iza i Jeremia, fa ny zavatra hazoko inoana, dia niresaka taminy Jehovah. Nahoana moa Izy no tsy mba hiresaka amiko?



Nanomboka tamin'io fotoana io,ny fampaherezan'ny finoany, ny fandraiketany hevitra nitarika azy hitady sy nandrisika azy hamaky ny Baiboly fotoana fohy avy eo, nahita an'i Jesosy -Kristy izy, nandray azy ho mpamonjiny ary lasa vavolom-belon'i Tompo tena mafàna fo izy, na dia mety hanala ny ainy aza izany.